tena miniana amin'I Allah aho - raha sitrany - mianiana amin'ny fianianako aho ka mahita tsara noho izany, afa-tsy tanterahiko ny onitran'ny fianianako, ary izay tsara kokoa

Tatitra azo avy tamin'i Abo Mossa Al-Ach'aari (R.A) niteny izy : Tonga aho niaraka tamin'ny fianakaviana Asha'ari tany amin'ny irak'Allah (S.A.W) nangataka rameva hotengenana, dia niteny ny Mpaminany (S.A.W) hoe : Mianiana amin'I Allah aho fa tsy hahavita hanome rameva hitaingenanareo". Nijanona elaela teo izahay dia nandefasany rameva telo, ka rehefa lasa izahay dia niteny ny iray taminay hoe : Tsy ho soavin'I Allah isika, satria tonga tamin'ny irak'Allah (S.A.W) nangataka rameva hotengenana nefa nianiana izy fa tsy hanome atsika nefa mbola nanome ihany. Dia hoy i Abo Mossa : Niverina izahay tamin'ny Mpaminany (S.A.W) ary nolazainay taminy io resaka io, dia hoy izy : Tsy izaho no nanome anareo fa Allah no nandefa izany, tena miniana amin'I Allah aho - raha sitrany - mianiana amin'ny fianianako aho ka mahita tsara noho izany, afa-tsy tanterahiko ny onitran'ny fianianako, ary izay tsara kokoa"

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Nilaza i Abo Mosa Al-Ash'ari (R.A) fa tonga tany amin'ny irak'Allah izy niaraka tamin'ny vondron'olona avy amin'ny fokony, ary ny tanjon'izy ireo dia hanomezan'ny Mpaminany (S.A.W) azy ireo rameva hotaingainana mba hafahany mandray anjara amin’ny ady masina, ka nianiana ny Mpaminany (S.A.W) fa tsy afaka hanome azy ireo, ary tsy nanana na inona na inona omeny izy, Dia niverina izy ireo ary mbola nijanona nandritra ny fotoana, dia nisy rameva telo tonga teo amin’ny Mpaminany (S.A.W), ary nalefany ho any amin’izy ireo, ka nifampiresaka izy ireo hoe : Tsy hitahy atsika amin'ireo rameva ireo Allah; Satria nianiana ny tsy hanome atsika ny Mpaminany (S.A.W), ka niverina tany aminy izy ireo nanontany azy, Dia hoy ny Mpaminany (S.A.W) manao hoe : Tompo Allah no nandefa azy ireo tany aminareo; satria izy no nanamaivana sy nanome anjara, fa izaho kosa tavela ho antony nahatonga izany, Aorian'izany izy (S.A.W) dia nilaza hoe : “Izaho dia tsy mianiana hanao zavatra na tsy hanao izany, ary raha hitako fa tsara sy mendrika kokoa mihoatra ilay nianianako, afa-tsy hoe manao izay tsara indrindra aho ary manambela izay nianianako, avy eo dia manonitra ny fianianana nataoko aho.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/2961